


Izay ambaran'ny Baiboly momba ...

# Ny Fampakarambadin' ny Zanak'ondry

*na*

*Ny fanakambanana an'i Kristy sy ny Eglizy*





Izay ambaran'ny Baiboly momba ...

# Ny Fampakarambadin' ny Zanak'ondry

*na*

*Ny fanakambanana  
an'i Kristy sy ny Eglizy*

JCK



Edisiona Henoy ny Baiboly

Novokarina sy navoakan'ny : Henoy ny Baiboly  
Fanontana laharana : 029  
D.L.I. : Marsa 2015

[henoynbybaiboly@gmail.com](mailto:henoynbybaiboly@gmail.com)

# **TOPIMASO**

---

<b>1. VADY IRAY HO AN'I KRISTY .....</b>	<b>3</b>
<b>Ahoana no anomanan'ny Tompo Jesosy ny Eglizy, eto an-tany .....</b>	<b>8</b>
<b>2. NY FAMPAKARAMBADIN'NY ZANAK'ONDRY.....</b>	<b>15</b>

*Tsara raha vakiana araka izao filaharana izao ny boky ao amin'ny amboara  
faminaniana :*

- ➲ Ny fitsanganan'ny kristiana amin'ny maty sy ny fampiakarana azy
- ➲ Ny fitsaran'i Kristy, ny satroboninahitra sy ny valim-pitia
- ➲ **Ny Fampakarambadin'ny Zanak'ondry**
- ➲ Ny fiafian'i Kristy sy ny ady ao Hara-magedona
- ➲ Ny Fanjakana arivo taona sy ny mandrakizay
- ➲ Ny fitsarana farany sy ny helo

## 1. VADY IRAY HO AN'I KRISTY

---

### **1.1 TSY HO ELA ANDRIAMANITRA DIA HANOME VADY HO AN'I JESOSY ZANANY, TOY NY NANOMEZANY VADY HO AN'I ADAMA, ILAY OLONA VOALOHANY**

Andriamanitra no nanorina ny fanambadian'i Adama sy Eva: “*Ary ny taolan-tehezana izay nalain'i Jehovah Andriamanitra tamin-dralehilahy dia nataony vehivavy ka nentiny tany amin-dralehilahy. Ary hoy ralehilahy: Ankehitriny dia taolana avy amin'ny taolako sy nofo avy amin'nynofoko ity; ity dia hatao hoe ‘vehivavy’ (Ishah), satria lehilahy (Ish) no nanalana azy. Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny; ary dia ho nofo iray ihany ireo*” (Genesisy 2. 22-24).

Sitrak'Andriamanitra ny nisian'ny fikambanan'i Adama sy Eva. Tsy ho ela dia ho faly Izy hahita any an-danitra ny fikambanan'i Jesosy Zanany sy ny Eglizy. Mitoetra ho zava-miafina izany, ka nahatonga ny apostoly Paoly hanambara hoe: “*Zava-miafina lehibe izany; fa milaza ny amin'i Kristy sy ny fiangonana aho*” (Efesiana 5. 32).

### **1.2 NY EGLIZY: ZAVA-MIAFINA TSY NAMBARA TEO ALOHA**

Ny Eglizy dia zava-baovao teto an-tany, tsy misy itovizana mi-hitsy amin'ny fivavahana jiosy nisy tamin'izany. Zavatra tena niafina, tsy nambara teo aloha. Kristy, Izy tenany, no nanambara io zava-miafina io, rehefa niharihary ny fandavan'ny vahoaka Israely Azy. Nambarany tamin'ireo mpianany izany, rehefa nahazo tsindrimandry avy amin'Andriamanitra ny iray tamin'izy ireo, dia i Petera, ka nilaza hoe: “*Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona*” (Matio 16. 16).

Noho io teny io, dia hoy Jesosy tamin'izy ireo: “*Ambonin’ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin’ny fiainan-tsy hita (ny fitoeran’ny maty) tsy haharesy azy*” (Matio 16. 18).

### **1.3 NY EGLIZY, NY Fiangonan’Andriamanitra, NO VATAN’I KRISTY, VATANA VOARAFITR’IREO REHETRA MINO AZY**

Rehefa nandà an’i Kristy ny Israely, ilay vahoaka nofidin’Andriamanitra, dia nailiny vetivety aloha, ka nojereny manokana ny Eglizy, izay voarafitr’ireo rehetra mino —ary izy ireo ihany—, mino ny sorona nataon’i Jesosy Zanany, maty sy natsangana tamin’ny maty. Io fitambaran’ny olona nino ny Zanak’Andriamanitra io, dia niforona ho vatana iray, ny vatan’i Kristy (na tenan’i Kristy): “*Ary ianareo no tenan’i Kristy*” (1 Korintiana 12. 27). Io tena io dia vatana velona, manana Loha, dia Kristy, ary manana ratsambatana eto an-tany, dia ny kristiana: “*Fa momba ny tenany isika*” (Efesiana 5. 30). Ny Fanahy Masina no mampihetsika ny vatana. Mampifandray ireo rantsam-batana Izy, ary mampifandray ny ratsambatana amin’i Kristy, llay Loha any an-danitra. **Ny fitambaran’ny kristiana rehetra eto amin’izao tontolo izao no mandrafitra ny Fiangonan’i Kristy maneran-tany:** nahatalanjona ny apostoly Paoly izany.

### **1.4 NY NAHATERAHAN’NY EGLIZY, TAMIN’NY ANDRO PENTEKOSTA**

Tsy afaka niforona ny Eglizy raha mbola tsy maty sy nitsangana tamin’ny maty i Kristy. Izany no nilazan’i Jesosy hoe: “*Raha tsy latsaka ao amin’ny tany ny voam-bary ka maty, dia mitoetra foana izy ; fa raha maty kosa izy, dia hahavokatra be*” (Jaona 12. 24).

Noho ireo fijalian'ny Tompo Jesosy, ny nahafatesany teo amin'ny hazofijaliana ary ny nitsanganany tamin'ny maty, no nifororan'ny Eglizy, izany hoe ny fitambaran'ireo rehetra mino an'i Jesosy ka nateraka indray, toy ny nakana an'i Eva avy tamin'i Adama, nandritra ny torimasony (io torimaso io dia kisarisarin'ny fahafatesan'i Kristy).

Ny Eglizy izany dia teraka tamin'ny Andro Pentekosta, andro nidan'ny Fanahy Masina tetè an-tany. Tamin'io andro io i Petera, izay feno ny Fanahy Masina, dia nitory ny Filazantsara, ary olona tokony ho 3000 no nino ny Tompo Jesosy. Nanomboka teo, ireo mpino vaovao ireo no namorona ny Eglizy, ny Fianganon'Ilay Andriamanitra velona, izay voarafitr'ireo rehetra mino an'i Kristy, maty hisolo azy ireo ary nitsangana tamin'ny maty. **Mandraka ankehitriny, izay mino an'i Jesosy ary mandray ny ain'Andriamanitra ao aminy, dia manampy isa ny olona ao amin'ny Eglizy (ny Fianganana) sady manjary rantsambatany.**

## 1.5 NY EGLIZY DIA NAVAHANA HO AN'ANDRIAMANITRA

Hatramin'io andro nahaterahan'ny Eglizy io, dia natokan'Andriamanitra izy, nosarahiny tamin'izao tontolo izao, mba hitsinjovana ny fikambanany amin'ny Tompo Jesosy rahatrizay, rehefa tanterehina ny fampakarambadin'ny Zanak'ondry. Tsy nohadinoin'ny apostoly Paoly mihitsy io fisarahan'ny Eglizy amin'izao tontolo izao io. Izany no nilazany, raha namangy ny fianganana tao Korinto izy, hoe: "... izay nohamasinina ao amin'i Kristy Jesosy, olona voantso sady masina" (1 Korintiana 1. 2).

## **1.6 TOKANA NY EGLIZY, NY FIANGONAN'I KRISTY MANERAN-TANY**

Ny Fiagonana maneran-tany, voarafitr'ireo mpino rehetra eto amin'izao tontolo izao, dia tokana. Izany maha iray azy izany dia tena misy, satria fanatanterahana ny teny faminaniana hoe: “*Jesosy ho faty ... mba hanangona ny zanak'Andriamanitra izay efa niely, ho antoko iray*” (Jaona 11. 51, 52).

Io maha iray ny Fiagonana io dia mbola misy ankehitriny, toy ny tany am-boalohany. Tsy hay potehina na kianina. Ny olona ara-panahy dia mitovy fijery amin'Andriamanitra; fantany sady takany ny maha iray ny Eglizy.

Rehefa hiverina Kristy dia haka ny Eglizy, ilay tokana, voarafitr' ireo rehetra mino ny anarany. Halainy izy mba ho Vadiny, ho mandrakizay.

## **1.7 NY EGLIZY ISAN-TOERANA, FANEHOANA HITA MASO NY EGLIZY MANERAN-TANY, DIA LATSAKA AN-KATERENA**

Mazava fa tena latsaka an-katerena ny eglizy isan-toerana, izay fanehoana hita maso ny Eglizy maneran-tany. Mizarazara ho antoko maro samihafa izy io, ka tsy mampiseho ny maha iray ny Eglizy maneran-tany. Indrisy fa tena mampalahelo izany zava-misy izany! Kanefa isika tsy natao hamerina indray ny maha iray ny Eglizy, satria efa iray mandrakariva izy, eo imason'Andriamanitra. Saingy **tokony tena hiaina ny maha iray ny Eglizy isika**, ka hanaraka ny fampirisihan'ny apostoly Paoly hoe: “*Ary noho izany izaho, mpifatotra noho ny amin'ny Tompo, dia mangataka aminareo mba handeha mendrika ny fiantsoana izay*

*niantsoana anareo, amin'ny fanetren-tena rehetra sy ny fahalemempanahy, amin'ny fahari-po mifandefitra amin'ny fitiavana, mazoto mitana ny firaisansa avy amin'ny Fanahy amin'ny fehim-pihavanana. Iray ny tena, ary iray ny Fanahy” (Efesiana 4. 1-4).*

## **1.8 NY EGLIZY, ANKEHIRTRINY, DIA FOFOMBADIN’I KRISTY JESOSY**

Hoy ny apostoly Paoly: “*Fa nataoko fofombadin’ny lehilahy iray ianareo, mba hatolotro tahaka ny virijina madio ho an'i Kristy*” (2 Korintiana 11. 2).

Io maha fofombady ny Eglizy io dia haharitra mandra-piverin’ny Tompo Jesosy. Ho azy no hiverenany, haka sy hitondra azy miaraka aminy, mba ho eo akaikiny mandrakariva. Horaisiny ho Vadiny izy.

## **1.9 NY FITIAVAN’I KRISTY NY EGLIZY, NY FIANGONANA, ILAY EFA RAISINY HO FOFOMBADINY**

Ny Tompo dia miasa ao amin'ny Fiangonana, mba hahatonga azy ho lavorary, vonona ho amin'ny fampakarambady.

Zava-miafina ihany koa izany, satria na eo aza ireo tsy fahalavariany, ny Eglizy dia ho vonona, masina ary tsy hisy tsiny, amin'ny andro fampakarambady.

## **1.10 NAHOANA NO MBOLA AVELAN’NY TOMPO JESOSY ETO AN-TANY NY EGLIZY, ILAY FOFOMBADINY?**

### **1.10.1 Mba ho feno izy**

“*Ary ny olom-bonjena dia nanampin’ny Tompo isanandro ho isan’ireo*” (Asan’ny Apostoly 2. 47).

## **1.10.2 Mba ho vonona izy, ho amin'ny andro fampakarambadin'ny Zanak'ondry**

*“... mba horaisiny ho an’ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy”* (Efesiana 5. 27).

## **1.11 AHOANA NO HANOMANAN’NY TOMPO JESOSY NY EGLIZY, ETO AN-TANY?**

### **1.11.1 Mikarakara azy Izy**

*“Fa tsy mba nisy olona tsy tia ny nofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka an’i Kristy amin’ny fiangonana”* (Efesiana 5. 29).

### **1.11.2 Manamasina azy amin’ny Tenin’Andriamanitra Izy**

*“... mba hahamasina azy amin’ny anadiovany azy amin’ny rano fanasana amin’ny teny”* (Efesiana 5. 26).

## **1.12 INONA NO TANJON’IZANY FIKARAKARANA REHETRA IZANY?**

### **1.12.1 Mba ho an’i Kristy no hiveloman’ireo rantsambatany**

*“Fa ny fitiavan’i Kristy no manery anay, satria izao no hevitray: maty ny Anankiray (Kristy) hamonjy ny olona rehetra, ka dia maty koa izy rehetra; ary maty hamonjy ny olona rehetra Izy, mba tsy ho velona ho an’ny tenany intsony izay velona, fa ho an’Izay efa maty sy nitsangana (Jesosy) hamonjy azy”* (2 Korintiana 5. 14-15).

### **1.12.2 Mba hankatò an'i Kristy ny Eglizy ary hampiseho ireo toetrary**

*“... tahaka ny aneken’ny fiangonana an'i Kristy”* (Efesiana 5. 24).

Satria Izy, Kristy, no Lohan’ny Fiangonana (ny Eglizy):

*“Kristy koa no Lohan’ny fiangonana; ary Izy no mpamony ny tena”* (Efesiana 5. 23).

### **1.12.3 Mba hitombo ny Eglizy, mandra-pahatongany toa an'i Kristy**

*“Fa mba hanaraka ny marina amin’ny fitiavana [isika] ka hitombo amin’ny zavatra rehetra ho amin’Izay Loha, dia Kristy; Izy no itomboan’ny tena rehetra (izay akambana sy ampiraisina tsara) noho ny fifanompoan’ny isan-tonony, araka ny fiàsan’izay rehetra momba azy amin’izay mety ho anjara asany avy ka hampandrosoany ny tenany amin’ny fitiavana”* (Efesiana 4. 15-16).

## **1.13 ALOHAN’IZANY FANAKAMBANANA AN'I KRISTY SY NY EGLIZY IZANY, INONA NO TSY MAINTSY HITRANGA?**

### **1.13.1 Ny fakàna ny Eglizy**

Any an-danitra no hanaovana ny fanakambanana. Ho amin’izany, dia ny Tompo mihitsy no hidina avy any an-danitra mba haka ny Eglizy. Voalaza tokoa mantsy hoe:

*“Fa ny tenan’ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin’ny fi-antsoana sy ny feon’ny arikanjely ary ny trompetran’Andriamanitra”* (1 Tesaloniana 4. 16).

Koa ireo izay maty ao amin'i Kristy dia handre ny feony ary hi-voaka velona avy ao am-pasana, araka ny nolazain'ny Tompo Jesosy hoe: “*Aza gaga amin’izany; fa avy ny andro izay handrenesan’ny olona rehetra any am-pasana ny feony* (ny feon'i Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra); *dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin’ny fitsangana ho fiainana*” (Jaona 5. 28, 29).

“*Fa **vetivity**, toy ny indray mipy maso, rehefa maneno ny trompetra farany... fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lo intsony...*” (1 Korintiana 15. 52).

“***...ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha***”  
(1 Tesaloniana 4. 16).

Ny kristiana mbola velona dia tsy hialoha ireo efa maty, fa hiarahakarina izy ireo, araka ny voasoratra hoe: “*... ary rehefa afaka izany, dia isika izay **velona** ka mbola mitoetra no **hakarina hiaraka aminy** (amin’ireo maty ao amin'i Kristy, maty izay efa natsangana) ho eny amin’ ny rahona hitsena ny Tompo any amin’ny habakabaka; dia ho any amin’ ny Tompo mandrakariva isika*” (1 Tesaloniana 4. 17).

### 1.13.2 Ny fisian’ireo voavidin’i Kristy any an-danitra, izay fonenany

“*Fa ny fanjakantsika dia any an-danitra, ary avy any koa no iandrasantsika Mpamony, dia Jesosy Kristy Tompo*” (Filipiana 3. 20).

### 1.13.3 Ny tribonalin’i Kristy

“*Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin’ny fitsaran’i Kristy*” (2 Korintiana 5. 10).

Alohan'ny fampakarambady, ny kristiana tsirairay dia hiseho eo amin'ny fitsaran'i Kristy (tribonalin'i Kristy). Eo dia “*samy hampamoahin' Andriamanitra ny amin'ny tenany avy isika rehetra*” (Romana 14. 12).

#### **1.13.4 Ireo valim-pitia sy satroboninahitra**

Aorianan'ny fitsaran'i Kristy dia homena valim-pitia ny tsirairay, “*mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy*” (2 Korintiana 5. 10).

#### **1.13.5 Ny famotehana sy fandravana ny Eglizy sandoka, ilay vehivavy janga lehibe, dia i Babylona lehibe**

Rehefa halaina ireo tena kristiana, dia tsy hiakatra any an-danitra hiaraka amin'ny Tompo i Babylona lehibe, Ilay Vady sandoka, izay voarafitr'ireo milaza ny tenany ho kristiana nefá tsy izy, fa hijanona eto an-tany mba hotsaraina.

“*Ary niantso tamin'ny feo mahery izy ka nanao hoe: Rava! rava Babylona lehibe! ka tonga fonenan'ny demonia sy fieren'ny fanahy maloto rehetra ary akanin'ny vorona rehetra izay maloto sy ankahalaina... Ary nisy anjely mahery anankiray nambeta vato tahaka ny vato lehibe fikosoham-bary, dia nanipy izany tany an-dranomasina ka nanao hoe: Hatsipy mafy toy izany no ho fandrava an'i Babylona, ilay tanàna lehibe, ka tsy ho hita intsony izy*” (Apokalypy 18. 2, 21).

##### **1.13.5.1 Nahoana Andriamanitra no handrava an'i Babylona lehibe, ilay Eglizy sandoka?**

Satria “*ny fahotany efa nitehika tamin'ny lanitra, ary Andriamanitra efa nahatsiaro ny ratsy nataony*” (Apokalypy 18. 5).

Satria “***teo anatiny no nahitana ny ran’ny mpaminany sy ny olona masina sy izay rehetra novonoina teny ambonin’ny tany***”  
 (Apokalypsy 18. 24).

**Noho ny hambony:** “*Toraka izay niderany tena sy nivelo many tamin’ny zava-mahafinaritra ny tena, dia omeo fanaintainana sy ala-helo toraka izany koa izy, satria hoy izy anakampo: Mipetraka ho mpanjakavavy aho, fa tsy mpitondratena, ary tsy mba hahita ala-helo mihitsy aho; koa noho izany dia ho tonga indray andro monja izao loza hanjo azy izao, dia fahafatesana sy fisaonana ary mosary, ary ho levon’ny afo izy; fa mahery ny Tompo Andriamanitra, Izay nitsara azy. Ary ny mpanjakan’ny tany, izay nijangajanga taminy sy niara-nanaram-po taminy tamin’ny zava-mahafinaritra ny tena, dia hiteha-tratra sy hitomany azy, raha mahita ny setroky ny fandoroana azy*”  
 (Apokalypsy 18. 7-9).

### **Fanamarihana**

Tsy zakan’Andriamanitra intsony ny zava-nitranga tao Babylona (ilay Eglizy sandoka).

“*Ary ny feon’ny mpitendry lokanga sy ny mpitsoka mozika sy ny mpitsoka sodina ary ny mpitsoka trompetra dia tsy ho re eo aminao intsony; ary ny mpiasa rehetra mahay zavatra na inona na inona tsy ho hita eo aminao intsony; ary ny feon’ny vato fikosoham-bary tsy ho re eo aminao intsony; ary ny fahazavan’ny jiro tsy mba hahazava eo aminao intsony; ary ny feon’ny mpampakatra sy ny ampakarina tsy ho re eo aminao intsony; fa lehiben’ny tany ny mpandrantonao; fa ny ody ratsinao no nentinao namitaka ny firenena rehetra*”  
 (Apokalypsy 18. 22-23).

### **1.13.5.2 Ahoana no ho fizotran'io fandravana io?**

“Ho tonga **indray andro monja** izao loza hanjo azy izao, dia fahafatesana sy fisaonana ary mosary, ary ho levon’ny afo izy; fa mahery ny Tompo Andriamanitra, Izay nitsara azy.

Ary ny mpanjakan’ny tany, izay nijangajanga taminy sy niaranaram-po taminy tamin’ny zava-mahafinaritra ny tena, dia hitehatrata sy hitomany azy, raha mahita ny setroky ny fandoroana azy; eny, hijanona eny lavitra eny izy noho ny fahatahorana ny fanaintainany ka hanao hoe: *Indrisy! indrisy! Babylona, ilay tanàna lehibe!* ry ilay tanàna mafy! fa tamin’ny **ora iray monja** dia tonga ny fitsarana anao” (Apokalypsy 18. 8-10).

“*Indrisy! indrisy! ilay tanàna lehibe, izay nitafy rongony fotsy madinika sy lamba volomparasy sy jaky ary niravaka volamena sy vatosoa ary perla!* Fa tamin’ny **ora iray monja** no nahaoana ny harena be toy izany” (Apokalypsy 18. 16, 17).

### **1.13.5.3 Iza no hiravoravo amin’ny faharavan’i Babylona?**

“Mifalia noho izay zavatra nanjo azy ianao, ry **lanitra**, sy ianareo **olona masina**, sy ianareo **Apostoly**, ary ianareo **mpaminany**; fa Andriamanitra efa nitsara azy ka namaly azy noho ny taminareo.

Ary nisy **anjely** mahery anankiray nambeta vato tahaka ny vato lehibe fikosoham-bary, dia nanipy izany tany an-dranomasina ka nanao hoe: *Hatsipy mafy toy izany no ho fandrava an'i Babylona, ilay tanàna lehibe, ka tsy ho hita intsony izy*” (Apokalypsy 18. 20-21).

**Koa ho tokana ihany ny Vadin'i Kristy, dia ilay tena Eglizy.**

## 2. NY FAMPAKARAMBADIN’NY ZANAK’ONDRY

---

Rehefa vita ny fitsarana ilay Eglizy sandoka teto an-tany, dia azo tanterahina ny dingana manaraka: ny fanakambanana ilay Mpampakatra, dia Kristy, amin'ilay Ampakarina, dia ny Eglizy. Izany fanakambanana izany no antsoin’ny Tenin’Andriamanitra hoe ny Fampakarambadin’ny Zanak’ondry.

### 2.1 NY AKANJON’NY AMPAKARINA

*“...efa niomana ny vadiny. Ary nasaina nitafy **rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka** izy...*

*... fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny **asa marina ataon’ny olona masina**” (Apokalypsy 19. 7, 8).*

Marihina fa ny hatsaran’ny akanjo dia vokatry ny asan’i Kristy: “*nasaina nitafy*” izy. Kristy no miasa ao am-pon’ny olona masina, mba hamokaran’izy ireo izany asa marina izany. Izay zavatra rehetra nose-draina talohan’izany teo amin’ny fitsaran’i Kristy, ka maharitra, dia ho hita ao amin’io akanjo io. Ny sisa dia ho fatiantoka. Izany no maha zava-dehibe ny miaina ankehitriny, miandranda io fanakambanana io!

## 2.2 IREO NASAINA

**Ireo dia ny sakaizan'ny mpampakatra, toa an'i Jaona Mpanao batisa sy ireo mpino rehetra talohan'ny hazofijaliana**

Hoy i Jaona Mpanao batisa: “*Izay manana ny ampakarina no mpampakatra; fa ny sakaizan'ny mpampakatra, izay mitsangana sy mihaino azy, dia mifaly indrindra noho ny feon'ny mpampakatra; ary efa tanteraka izany fifaliako izany*” (Jaona 3. 29).

“*Ary hoy koa izy tamiko: Soraty: Sambatra izay nantsoina ho amin'ny fanasana fampakarambadin'ny Zanak'ondry*” (Apokalypsy 19. 9).

## 2.3 NY FANAKAMBANANA AN'I KRISTY SY NY EGLIZY: ZAVA-MIAFINA LEHIBE

“*'Ary dia ho nofo iray ihany izy roroa'. Zava-miafina lehibe izany; fa milaza ny amin'i Kristy sy ny fiangonana aho*” (Efesiana 5. 31, 32).

**Rehefa vita ny fampakarambadin'ny Zanak'ondry, dia ho tafaray ary tsy ho azo sarahina intsony Kristy sy ny Eglizy, ho mandrakizay.**

Ny Eglizy, izay efa nampiraisina tamin'i Kristy ho Vadiny, dia ho eo anilany rehefa hiverina etì an-tany Izy mba hanjaka mandritra ny arivo taona. Ho “*tonga Izy (Jesosy) mba hankalazaina eo amin'ny olony masina sy higagana eo amin'izay rehetra mino amin'izany andro izany*” (2 Tesaloniana 1. 10).





# **Ny Fampakarambadin' ny Zanak'ondry**

*na Ny fanakambanana an'i Kristy  
sy ny Eglizy*

---

*“Ary dia ho nofo iray ihany izy roroa’. Zava-miafina lehibe izany; fa milaza ny amin’i Kristy sy ny fiangonana aho” (Efesiana 5. 31-32).*

Hakambana amin’i Kristy ny Eglizy, ho Vadiny, mba ho eo anilany mandrakizay: zava-miafina izany.

Iza ireo hasaina? Inona no ho fitafian’ny Eglizy, ilay Vadin’i Kristy, amin’ny andro fampakarambadin’ny Zanak’ondry? ...

Izany no fanontaniana valian’ity bokikely ity, amin’ ny alalana andininy ao amin’ny Baiboly, mba hanapahan’ ny tsirairay hevitra hihavana amin’Andriamanitra, ka ho anisan’ireo olo-masina izay ho any an-danitra.

EHB - Réf. : DP003MA

